# Ireo Fahasambarana

FITAOVANA HO AN'NY SEMINERA MOMBA NY TESTAMENTA VAOVAO

| Toko sy andininy | Toetra |
|---|---|
| **Matio 5:3; 3 Nefia 12:3** | **Mahantra ara-panahy.** Manetry tena, na "miaiky amim-pankasitrahana ny fiankinantsika amin'ny Tompo—mahatakatra fa mila ny fanampiany tsy tapaka isika. Ny fanetrentena dia ny fanekena fa fanomezana avy amin' Andriamanitra ireo talenta sy fahaiza-manao izay ananantsika" (Lohahevitra ara-pilazantsara, "Fanetrentena," topics.ChurchofJesusChrist.org). |
| **Matio 5:4** | **Ory.** Mahatsapa sy maneho alahelo mikasika ny zavatra anankiray. Ny olona anankiray dia mety ho ory noho ireo fitsapana eto an-tany izay iainany na iainan'ny hafa. Mety ho ory ihany koa ny olona iray noho ny alahelo vokatry ny fahotana. |
| **Matio 5:5** | **Malemy fanahy.** "—Matahotra an' Andriamanitra, marin-toetra, manetry tena, azo ampianarina, ary manam-paharetana amin'ny fahoriana— [Torolalana ho an'ny Soratra Masina, —Malemy fanahy, Fahalemem-panahy,— scriptures.ChurchofJesusChrist.org]. Ireo izay manana ity toetra ity dia vonona ny hanaraka an'i Jesoa Kristy ary ny toetra voajanaharin'izy ireo dia tony sy mora manaiky, tia mandefitra ary mpanoa" (Ulisses Soares, "Aoka ho malemy fanahy sy mietry am-po," *Liahona*, nôv. 2013, 9). |
| **Matio 5:6; 3 Nefia 12:6** | **Noana sy mangetaheta ny fahamarinana.** Manana hetaheta lehibe hahafantatra sy hanao ny sitrapon' Andriamanitra. |
| **Matio 5:7** | **Miantra.** "Mangoraka, manaja, mamela heloka, malemy fanahy, ary manana faharetana, na dia fantatsika aza ny fahalemen'ny hafa" (Lohahevitra ara-pilazantsara "Miantra," topics.ChurchofJesusChrist.org). |
| **Matio 5:8** | **Madio am-po.** Anisan'ireo izay "tia ny Tompo, sy mikatsaka ny hanaraka Azy sy ny hitandrina ny didiny, ary miezaka miaina fiainana mendrika sy maharitra amim-pahatokiana hatramin'ny farany. Ny madio am-po dia ireo izay mahafehy ny eritreriny mba tsy hampirona azy amin'ny fihevitra sy fihetsika tsy mendrika" (Sheldon F. Child, "Words of Jesus: Chastity," *Ensign* or *Liahona*, Jan. 2003, 44). |
| **Matio 5:9** | **Mpampihavana.** "Manampy ny olona hahita marimaritra iraisana raha ny hafa kosa mahita fahasamihafana" (Henry B. Eyring, "Mianatra ao amin'ny Fisoronana," *Liahona*, mey 2011, 63). |
| **Matio 5:10–12** | **Henjehina noho ny fahamarinana.** Vonona hankatò sy hiaro an'i Jesoa Kristy sy ny fampianarany, na dia mety hesoesoina na hatao tsinontsinona noho ny fanaovana izany aza isika. |

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *The Beatitudes*.
Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.